


Fandraisana anjara sy fanoloran-tenan'ny Mpanjaka amina lafiny samihafa : hetsika ara-tsosialy, ara-koltoraly…, fitokanana lanonana, fanolorana medaly… Maro no « *asa* » sahanin'izany Mpanjakan'ny United Kingdom izany.




Raha ny an'ny Mpanjakavavy Elizabeth II dia nanodidina ny planeta Tany in-42 izy, ary nandray anjara tamina hetsika an-jatony, fitokanana, fandraisana ary fanomezana medaly isan-taona.

Mpanjaka araka ny lalàm-panorenana izy. Fa na dia lohan'ny fanjakana, Filohan'ny Commonwealth (fikambanan'ireo Firenena miteny anglisy) izy dia tsy misahana ny resaka politika mihitsy izy (*"apolitique"*).

Na izany aza, raha miresaka an'ny Mpanjakavavy Elizabeth II, nandritra ny fitondrany dia nanamarina volavolan-dalàna miisa 4.000 teo ho eo koa izy tamin'ny fanomezana azy ireo *"fan ekena avy amin'ny Mpanjaka".*
Kanefa fombafomba ihany izany satria tsy nisy lalàna nolavin'ny Mpanjaka izany intsony

nanomboka ny taona 1708. Fa tsy tambo isaina ireo fanendrena ofisialy nekeny (fa tsy nataoko eto ireo).



State Opening of Parliament | The Royal Family

Nandritra ny 70 taona nanjakan’ny Mpanjavavy Elizabeth II, dia nanokatra isan-taona ny fotoam-pivoriana isan-taonan'ny Parlemanta (in-telo monja izy no tsy afaka nanao izany). Hetsika ofisialy manetriketrika nisy efa an-jato taona izy io. Ao anatin’izany dia nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany ny Mpanjakavavy Elizabeth II ary namaky tamin'ny feony malefaka ny fandaharan'asan’ireo mpanao lalànan'ny governemanta. Marihina fa tsy izy Manjakavavy mihitsy no namolavola izany lalàna izany.



Ny Praiminisitra Winston Churchill sy ny Mpanjakavavy Elizabeth II, tamin'ny Fivoriambe ara-economikan'ny Commonwealth Economic Conference notontosaina tao amin'ny Buckingham Palace ny taona 1952 (Sary : PA)

Saika isan-kerinandro ihany koa no nandraisany ny Praiminisitra, izay tonga nampita vaovao taminy momba ireo fivoaran-draharaha farany. Afaka *“nampahery sy nampitandrina”* ihany koa izy, nefa tsy nanohitra ny fanapahan-keviny mihitsy. 15 no isan’ireo Praiminisitra tao anatin’izay 70 taona nanjakany izay, nanomboka tamin'i Winston Churchill ka hatramin'i Liz Truss. Lehibe faratampon’ny izy ary Governora Faratampon'ny Fiangonana Anglikanina koa izy.




Firenena miisa 110 no nalehan'ny Mpanjakavavy Elizabeth II ary fitsidihina 150 mahery no nataony tao amin'ireo firenena miisa 54 ao amin'ny Commonwealth (azo ampitahana amin'ny Francophonie).

Ny volana novambra 2015, teo amin'ny faha-89 taonany no nandehanany farany tany ivelan'ny United Kingdom. Nangataka an'i Charles zanany lahy izy avy eo mba hisolo tena azy. Nampiantrano olo-manan-kaja vahiny maro koa izy io, namaliany ireo fitsidihana ara-panjakana 112 nisy tao UnitedKingdom.

Talohan'ny Covid dia nandray olona 139.000 eo ho eo isan-taona ny Mpanjakavavy Elizabeth II: garden parties, fandraisam-bahiny mana-kaja, sakafo ofisialy amina vahiny avy any ivelany, lanonana fanomezanamedaly… Araka ny tatitra avy ao amin'ny Buckingham Palace dia nahazo fifanekana (*"engagements"*) isan-karazany miisa 21.000 ny Fanjakan'ny United Kingdom.



Nandefa taratasy fitsingerenan'ny andro nahaterahana miisa 300.000 ho an'ireo olona feno zato taona koa izy, ary firarian-tsoa sy fiarahabana maherin'ny 900.000 ho an'ireo mpivady

nankalaza ny tsingerintaonan'ny mariazy diamondrany (60 taona nanambadiana). Nanomboka ny taona 1957 dia nifamatotra manokana tamin'ny hafatra Krismasy nentim-paharazana ny Mapnajakavavy Elizabeth II. Ireo firarian-tsoa eo ankatoky ny Krismasy dia nalefa mivantana tamin'ny fahitalavitra, ka izy tenany ihany no nanoratrany zavatra ho teneniny.

**FIAINANA ANDAVANANDRON’NY MPANJAKAVAVY ELIZABETH II**




Nofehezina toy ny famantaranandro ny fiainany andavanandro: amin'ny 7:30 maraina izy no nifoha ary misakafo maraina izy amin'ny 8:30. Avy eo namaky ny antontan-taratasin'ny governemanta - nampitaina tamin'ireo “boaty mena” malaza – izy. Nanomboka amin'ny 9:30 dia mandray olona mandeha tsirairay (*“audience individuelle”*).

Taorian'ny sakafo antoandro maivana dia tiany ny mitsangatsangana irery eny an-jaridaina, sy ny miala sasatra miaraka amin'ny famakiana ilay gazety boky *“Racing Post”* voalaza fa “baibolin’ny hazakazaka soavaly isan'andro”.


Nifarana talohan’ny fotoanan’ny-dite tamin’ny 5 ora hariva ny fanorolan-tenany (*“engagements”*) rehetra tamin’ny tolakandro. Niasa adiny iray indray ny Mpanjakavavy. Avy eo izy nisotro rונono ao amin’ny tranony manokana, izay nankafiziny nijery fahitalavitra. Fa matetika izy dia mbola niasa nijery ireo taratasy tao amin'ireo "boaty mena".











Nodimandry ny Alakamisy 8 Septambra 2022, teo amin'ny faha-96 taonany ny Mpanjakavavy Elizabeth II tao amin'ny trano fonenany tany Balmoral, Ecosse. Fomba iray hafa noho izany, ny *"Opération Unicorn"* na *"Opération Licorne"*, izay harahina ao anatin'ny folo andro ho avy. Ny Licorne (soavaly fotsiny misy tandroka tokana maranitra) dia mariky ny Ecosse ary misongadina amin'ny akanjon-dry zareo Ecossais, miaraka amin'ny liona anglisy. Io ambony io ny "blason" an'ny Royaume-Uni



[illegible]